Ny Valosoa sy Fakafaka 2

**Mangotraka ny ao Tsimbazaza**

Antoko TIM Toliara 2

**Tontosa ny fihaonana tamin'ny mpitarika TIM any Androy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 4 mey 2023 Laharana 1431 Vidiny : 600 Ar


**Betsaka ireo porofo ny hisian'ny halabato** 3

**Mody jamba sy mody marenina ny CENI sy ny HCC**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Ny Valosoa sy Hadihady 3

# Tsy misy azo antenaina intsony tsy manam-bola ny fitondrana




Neny Lalao Ravalomanana 3

# 70 taona omaly 3 mey



Kongresim-paritry ny TIM 2

# Tsy ho latsa-danja ny any Analanjirofo sy Atsinanana



Tranga 6

# Nosamborina fa nanao akanjo miaramila i Ayo Naej



Zava-mahadomelina mahery vaika 6

**Loza mihàtra amin'ny tanora any Antsirabe koa ny rôrô**

3 mey tany Menabe 6

**Nanava-tena indray ny holafitra na ny OJM**

Daka kely


Boaikely tsy ho mpanangana ngeza mihitsy ry Boaikely a !

KONGRESIM-PARITRY NY TIM

# Tsy ho latsa-danja ny any Analanjirofo sy Atsinanana

Ho tanterahana ny sabotsy sy ny alahady ho avy izao ny kongresim-paritry ny antoko TIM any Atsinanana, sy any amin'ny faritra Analanjirofo. Ny sabotsy izao no ho tanterahana any Toamasina ny kongresim-paritry ny antoko Tiako i Madagasikara any Atsinanana, ny alahady 7 mey kosa ny kongresim-pritra ho an'Analanjirofo. Efa miomana ny amin'ny ho fandraisana izany fotoan-dehibe izany ny any Analanjirofo tarihan'ny depiote teo aloha Rasomotra, na Mananjara Fidison. Efa miomana izy ireo amin'ny handraisana ny KONGRESIM-PARITRA ANALANJIROFO ao Fenoarivo Atsinanana. Ny any amin'ny faritra Atsinanana koa dia efa miomana amin'ny fandraisana izany hetsika izany. Sabotsy mifankahita, hoy ny mpitarika any antoerana tarihan'ny depiote teo aloha Voizy Blandine, ny Dis-TIM Toamasina Andriamatoa Niaina, ary ny filoha lefitry ny antoko any Toamasina ny senatera teo aloha Jacky Manambola.

***Isambilo***



*Ireo mpitarika ny antoko TIM any Analanjirofo.*

Antoko TIM Toliara

# Tontosa ny fihaonana tamin'ny mpitarika TIM any Androy

Manohy hatrany ny fanentanana sy ny fanetsehana ary ny famelomamaso ny antoko Tiako i Madagasikara any ifotony, ny mpitarika an'ity antoko ity. Tontosa tamin' ity herinandro ity ny fihaonana teo amin'ny mpitarika ny antoko any Toliara, tarihan'i Me Elisoa, sy ny mpitarika ny antoko TIM any amin'ny faritra Androy. Nahatonga solontena avokoa ny mpitarika ny antoko avy amin'ny distrika mandrafitra ity faritra ity, toy ny avy ao Ambovombe, Beloha, Tsihombe, ary ny avy any Bekily. Niatrika izany koa ny solontenan' ny tanora sy ny vehivavy avy amin'ireo distrika ireo. Nandritra izany no nanentanana ny rehetra ho amin' ny fiatrehana ny fifidianana ho avy, indrindra ny momba ny fifidianana filoham-pirenena. Fiomanana tsara indrindra amin' izany hoy Me Elisoa sy ny fisoratana anarana amin' ny lisi-pifidianana, ny fanamarinana izany anarana voasoratra izany, ary ny fandatsahambato rehefa tena tonga ny fifidianana.

***Isambilo***




*Ny fihaonana teo amin'ny mpitarika TIM Toliara, sy ireo mpitarika ny antoko any amin'ny faritra Androy.*

Iberanandrasana Jhona Augustin

# Anisan'ny nanimba ny Maha-malagasy ny fivavahana kristianina

Ankoatry ny fibosesehan' ireo riba sy kolontsaina ary fomba amam-panao vahiny teto amintsika, izay niteraka fahaverezana sy fahapotehana teo amin'ny soatoavina malagasy toy ny firaisankina, fihavanana, sns… dia tsy azo lavina, hoy i Iberanandrasana Jhona Augustin, fa anisan'ny naha potika ny « Maha-malagasy » ihany koa ny nidiran'ny fivavahana kristianina teto Madagasikara.
Nihavery ny hasina nananan'ireo « Olobe » toy ny Tangalamena. Hazomanga izy ireo, izay anisan'ny nandrafitra ireo « Ray aman-dreny ara-drazana » teto amintsika. Vokany, tsy to teny loatra intsony teo anivon'ny fiarahamonina izy ireo, noho ny nidiran'ny fivavahana kristianina izay niezaka mafy nanome lanja manokana sy nanindrahindra fatratra ireo mpitondra fivavahana eo anivon'ny fiangonana. Niteraka tsy firindran'ny fiarahamonina malagasy, ny tsy fanajana sy tsy fanomezan-kasina intsony ireo « Zoky Ray amandreny » sy ny fomba amam-panao, izay nampirindra ny fiarahamonina noho izy ireny niteraka ny fifanajana, fifanampiana ary firainsabkina mafy orina vita malagasy tanteraka, fa tsy natao dika mitovy. Nahazo vahana, araka izany, ny tsy fandriampahalemana, ny fanaovana kolikoly, ny tsy fanomezan-kasina ny aina lahitokana, sns... Hita taratra ihany koa ankehitriny, fa ireo mpitondra fivavahana no inoan-teny kokoa sy ezahana omena sehatra malalaka amin'ny fanehoan-kevitra manodidina ny fiainam-pirenena, raha mitaha amin'ny « Ray aman-dreny ara-drazana » eto Madagasikara, izay mahafantatra betsaka ny fiainan-piarahamonina Malagasy, noho izy ireo mitakosina akaiky amin'ny mpiara-belona, sy noho izy ireo mahafantatra ny tantaram-pirenena sy ny vakomanitra Malagasy, izay antoka nampirindra ny fiainan'ny fiarahamonina fahagola. Ireo mpitondra fivavahana izay azo inoana, fa manana ny tombontsoa azy ireo manokana na ho an'ny fiangonana fotsiny ihany ho arovana, fa tsy toy ireo « Ray aman-dreny ara-drazana » izay mbola resy lahatra ny ankamaroan'izy ireo, ho amin'ny fikatsahana ny tombontsoa iombonan'ny Ambanilanitra tsy ankanavaka, noho izy ireo mbola mandala hatrany ilay soatoavina malagasy toy ny « tsy misaramianakavy ». Ankehitriny, manjaka ny samy maka ho azy. Tsy hita loatra intsony ilay fameroveroan' ny fihavanana malagasy nanjakan'ny fifampitsinjovana. Sarotra noho izany ny hampirindra ny fiarahamonina noho ilay toe-tsaina tia tena diso tafahoatra, mitarika ho any amin'ny tsy fifampitsinjovana sy tsy firaisankina intsony. Antso avo no hatao, hoy i Iberanandrasana Jhona Augustin, ny amin'ny tsy maintsy handraisana fanapahan-kevitra mahasoa ny firenena. Mila fahaizana mihaino, mijery ary mamakafaka lalina ireo tranga maro miseho ankehitriny anefa izany raha tiana ho tanteraka. Nanentana manokana ireo tanora izy, mba hitodika amin'ny firenena ny zavatra rehetra hatao, fa tsy hanjeny andro lava amin' ny rendrarendram-piainana tsy mahasoa fa mahafinaritra fotsiny ihany.



*Iberanandrasana Jhona Augustin, vonona hizara ny traikefany ho amin'ny « Soa iombonana ».*

***Lalasoa Razafindrakoto***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mangotraka ny ao Tsimbazaza

Tsy mafana fotsiny intsony, fa tena mangotraka sy mandevy mihitsy ny ao Tsimbazaza, amin'izao anatanterahana ny fivoriana ara-potoana voalohan'ity andrimpanjakana ity amin'ity taona 2023 ity izao. Nanomboka ny talata teo tokoa ny fivorian'ny Parlemanta eto amintsika dia ny Antenimierandoholona, sy ny Antenimierampirenena izany. Raha ny etsy Anosikely aloha, tsy mahaliana ny rehetra ny fivoriana ao, satria saika olon'ny fitondrana avokoa no ao, tsy misy ny ady hevitra, fa ny baiko avy any ambony ihany, no tsy maintsy tanterahana ao. Tsy toy izany kosa ny eny Tsimbazaza, satria any foana no tompon-teny farany amin'izay lalàna, na zava-dehibe mahakasika ny fiainam-pirenena tokony ho tapahina, ary azo lazaina ho tena misy ny ady hevitra ao, satria misy ireo ankolafin-kery samy hafa ao amin'ity andrim-panjakana mpanao lalàna ity. Hangotraka ny fivoriana ao mandritra ny roa volana, satria miady an-trano ny mpomba ny fitondrana, miady an-trano toy izany koa ireo depiote mpomba ny fitondrana. Ao no mbola mifikitra amin'ny filoha Andry Rajoelina, ao ireo miara-dia amin'ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko. Ny mpanohitra koa dia anisan'ny manana solombavambahoaka betsaka ao Tsimbazaza dia ny antoko TIM izany, ka tena handevy tokoa ny ady hevitra ao, samy hanakiana mafy ny tsy fahombiazan'izao fitondrana Rajoelina izao avokoa na ny depiote mpiara-dia amin'ny fitondrana nisintaka aminy, na ny depioten'ny fanoherana. Ny fanatrehan'ireo masoivoho vahiny ny fotoam-panokafana ny talata lasa teo koa dia misy dikany lehibe, tsy mbola nisy izany hatramin'izay, heverina fa ny hampanara-dalàna ity andrimpanjakana ity, ka hanao ny asa tena tokony hosahaniny dia ho arofanin'ny mpanatanteraka, fa tsy ny mifanohitra amin'izany, toy ny hita tao ho ato no ataony.

***Isambilo***

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.
Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Fiankinana R.

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.
Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Andrianirina R.

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy misy azo antenaina intsony, tsy manam-bola ny fitondrana

Tsy manga masaka ka domina fotsiny dia mira-raka, araka ny famaritan'ny namana azy, izao fitondrana Rajoelina izao, fa efa « tena lo » mihitsy satria ankoatr'ireo tranga maro nanala baraka azy dia mihombo tsy misy fiafarany ny aretina mikiky ny Firenena eo amin'ny sehatra rehetra. Nankalaza ny fetin'ny asa ny sendika misy eto amin'ny Nosy ny alatsinainy 1 Mey lasa teo na dia efa saika tsy nahazo alàlana nanao izany aza. Azo lazaina fa betsaka ny nanoina ny antso ary betsaka ihany koa ny fitakiana izay mifandraika amin'ny toe-draharaha iainan'ny mpiasa malagasy. Raha fintinina dia marary ny sehatry ny asa eo amin'ny lafiny rehetra kanefa tsy mbola ahitan'ny fitondrana vahaolana hatramin'izao. Rehefa nandray ny fitantanana ny Firenena Rajoelina Andry dia nanontany ny vahoaka, raha mahavelona ny karama ary toa ireny efa nanana paikady matotra hampisondrotana izany izy. Tsy nitsahatra ny nisondrotra ny vidim-piainana kanefa tsy miakatra hoentina hiatrehana izany ny karama. Misy fiantraikany eo amin'ny fiainan'ny ankohonan'ny mpiasa isan'andro izany, tsy ny eo anivon'ny mpiasam-panjakana ihany, fa any amin'ny mpiasan'ny sehatra tsy miankina ihany koa. Tsy ny karama ihany no miteraka olana, fa tsizarizary ihany koa ny fitsaboana satria na dia misy aza ny ivon-toerana ara-pitsaboana sy sosialy dia tsy maintsy mividy fanafody izay marary kanefa efa tsy takatry ny fahefa-mividy intsony izy ireny. Raha mangataka ny fanonerana ny vidim-panafody anefa ny mpiasa dia amin'ny ankapobeny dia miandry aman-taona izany. Arak'izany dia mitaky ny hanavaozana hifanaraka amin'ny zava-misy iainana ny Lalàna Mifehy ny Mpiasam-panjakana (Statut Général des Fonctionnaire), sy ny Lalàna mifehy ny Asa (Code de Travail) ny mpiasa na ny miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana. Efa aretina homamiadana mihitsy no mikiky tsikelikely ny sehatry ny asa eto Madagasikara, ka mila fitsaboana, ka mitaky ny fandraisana andraikitry ny tsirairay amin'ny toetsaina mikatsaka ny tombontsoa iombonana, satria raha miaina ara-dalàna ny mpiasa dia mamokatra tsara eo amin'ny sehatra misy azy dia hiteraka fampandrosoana ny Firenena izany. Tsara ny fitakiana ary tsy maintsy atao izany kanefa ny fitondrana ankehitriny dia variana amin'ny rendrarendra manaitra ny maso sy manao fandanindaniam-poana, kanefa tsy manam-bola intsony koa, ka tsy misy azo antenaina ny hahazoana fahafahaham-po amin'ireny fitakiana ireny. Anisan'ny aretina mikiky ny sehatry ny asa ihany koa ny kajikajy politikan'ny mpitarika izay manana ny tanjona kinendriny ihany koa. Iaraha-mahalala fa ny sendika, amin'ny ankapobeny, dia rantsana iray eo anivon'ny antoko ka voatery manaraka ny toromariky ny antoko misy azy arakaraky ny toe-draharaha politika iainana sy ny fironana ara-politikany. Misy sendika efa nijoro hatramin'ny Repoblika I ary nanana mpikambana sy solontenan'ny mpiasa (délégué du personnel) any amin'ny orinasa any ary afaka niady ho an'ny mpiasa na teo anivon'ny orinasa na teny amin'ny Fitsirihana ny Asa (Inspection de Travail) na teny amin'ny Tribonalin'ny Asa, fa tsy mbola manana ny hery hoenti-manohitra ny mpampiasa ny sendikan'ny mpiasa eto Madagasikara, satria amin'ny ankapobeny dia misy sendika roa na telo eo anivon'ny orinasa iray, ka tsy misy firaisankina eo amin'izy ireny manolohana ny toe-draharaha iray. Marary ihany koa izany ny sendika eto Madagasikara, ka mila fitsaboana ny paikady hoentina amin'izany dia tsy tokony hiankina amina antoko ny sendika, fa ny mpiasa eo anivon'ny orinasa no manangana izany ka ny tombontsoan'ny mpiasa marina tokoa araka ny voafaritry ny lalàna no hanjaka, fa tsy izay paikadin'ny antoko mety nanangana azy. Raha matanjaka ny sendika sady miray hina ka izay tranga misy any amin'ny toeram-piasana iray tsy mifanaraka amin'ny lalàna dia azo inoana, fa hihetsika daholo ny sendika rehetra hanohitra izany ka tsy hanao « vain-drahalahy tsy maharary » toy ny nisy hatramin'izay intsony fa ho « tànan-kavia sy havanana, ka izay didiana maharary ».

***Andry Tsiavalona***

**Neny Lalao Ravalomanana**

## 70 taona omaly 3 mey

70 taona omaly 3 mey i Neny Lalao Ravalomanana, izy no vadin'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM. Izy no vehivavy voalohany voafidy ho ben'ny tanànan'Antananarivo, voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara. Tamin'ny fotoana tsy naha teto an-toerana ny filoha Marc Ravalomanana, efa saika hirotsaka ho filohampirenena i Neny, saingy nahiliky ny rafitra manokana nisahana ny fifidianana tamin'izany fotoana, toy ny kandidà vitsivitsy hafa, satria tsy nipetraka enimbolana teto an-tanindrazana tamin'izany fotoana izany. Tao aorian'ny fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina tamin'ny taona 2009, nialokaloka politika tany Afrika Atsimo i Neny sy ny filoha Marc Ravalomanana. Izy no tafody aloha teto an-tanindrazana tamin'izay fotoana izay, nefa tsy ampy enimbolana ny nipetrahany teto, ka tsy nahafahany nirotsaka hofidiana io tamin'ny taona 2013. Tao aorian'izay anefa ny taona 2015, afaka nirotsaka ho ben'ny tanànan'Antananarivo, ka izy no lany ho Andriambavilanitra voalohany nitondra ny renivohitra Antananarivo. Andraikitra izay tontosany soa aman-tsara, na teo aza ny sakantsakana politika samy hafa, toy ny tsy nanomezan'ny fitondrana tamin'izany ny fanampiana tokony ho azon'ny kaominina niadidiany.



*Neny Lalao Ravalomanana sy ny zafikeliny, Timoty Ravalomanana.*

Eo amin'ny andavanandrom-piainana kosa, mpitantana orinasa i Neny, mitantana sy manara-maso ny orinasa Tiko sy Magro. Nanoloana ny tsingerintaonany omaly io, nisy ny fanambarana fohy nataon'i Neny Lalao Ravalomanana : "misaotra an' Andriamanitra lehibe, fa noho ny fahasoavany dia nahatratra izao faha-70 taona izao. Mankasitraka antsika rehetra tamin'ny fitrotroana am-bavaka sy ny firariantsoa. Homba antsika mandrakariva anie Andriamanitra," hoy izy.

***Stefa***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

### Betsaka ireo porofo ny hisian'ny halabato
### Mody jamba sy mody marenina ny CENI sy ny HCC

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** tena betsaka ireo nitondra porofo ny amin'ny mety hisian'ny halabato eto amintsika. Mody jamba sy mody marenina anefa ny CENI sy ny HCC. Inona no tokony hataontsika vahoaka?
**Andrianarison Patricia Bakomalala :** mbola tsisy candidats d'efa misy mitady hangala-bato sahady, hafa mihitsy Madagascar.
**Dogbekle Gifthy :** aleo Tonga Dia miray saina hoe andao atao vato fotsy daholy e, hita eo Zay ho lany, hihiiiii!
**Ramalanjaona Mamy :** azo raisina fa tsy mitombina tompoko no malaza @ zao. Noho izany tsy mody marenina izy fa tsy mahare fotsiny.
**Jean Joseph Randriamanana :** izay lay hoe mitombina fa tsy azo raisina.
**Hoby Lala Randrianarivony :** gidraka ihany no tokony ho tsara amin'io aloha, dia zay io vao milamina.
**Tity Ralaiarijaona :** MILA MIJORO NY VAHOAKA MALAGASY.
**Judy Akira :** Mi-DODO? FA BE BADO LOATRA? TSY AVOTRA TSONY EEE?
**Parfait Randriamazava :** Judy Akira : fa efa tara angah tsika zao no d mahateny an'izany enao ?
**Judy Akira :** Parfait Randriamazava : ny volamena aza efa ho ritra koa nahoana mou eee? Tsara be lay fanantenana , saingy indrisy tokoa mantsy, nofonkena an-tanan-tsaka lay raha , dia ho tsaroanao izao teniko zao @2024, samia ho velonaina, de COURAGE FÔNA EEEE?
**Andrianjakahasina Rasamimanana :** POROFO be dia be no hita, fa misy ny MIKOTRIKA ZAVADOZA: HALABATO.
**Jet Lee Rabenandrasana :** ndao tsy hiasa fa atao 1 mey foana mandavantaona e, aiza no tsy hametra-pialana eo reo!
**Miha Manezasoa :** mila mandray atraikitra tsika manaramaso ny safidy.
**Andrianjakahasina Rasamimanana :** Aleo aloha ho fantatry ny rehetra fa: NY MPIKOTRIKA HALABATO NO EFA MAHALALA FA HO RESY RY ZAREO.
**Roland Rakotomalala :** mino aho fa efa tonga saina ireo tompontoerana. Voatonona ao @CENI sy HCC ireo, satria raha manaonao fôna eo, de any aloha ny hatezeran'ny Vahoaka no mipetraka voalohany ary zay vao any amin'ny hafa ny manaraka.

**TONONKALO**

### NY MPANAO GAZETY SY NY MPITONDRA (03 MEY 2023)

Resahina foana ny fahalalahana
Saingy tsy hita mivaingana izany,
Fa misy ireo endri-panavakavahana
Atao amin'ireo tsy azo ahodina hatrany !

Mandeha ny antsojay sy karazana fingana
Raha vao miteny somary mafana ?
Satria tena ezahina ho lany tamingana,
Ireo izay manohitra ny fitondrana !

Antsoina ary anaovam-panadihadiana
Ireo mpanao gazety mijoro sy sahy,
Ka laniana fotoana sy ampahoriana,
Ary atao iray kilasy amin'ireo jiolahy !

Hatramin'ny fitaovana no nosomparana,
Na koa naato tsy hampita ny feo,
Ary tena nakatona ny varavarana.
(Ampahany ireo tanisaina eto ireo !)

…Fa ny mpanao gazety dia tsy omena toerana
Tena sahaza ary koa tena mendrika,
Indrindra raha hita ho manao fanoherana ,
Ka manavesatra sambo efa ho rendrika !

***DADAN'i ZINA (03-05-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

**Nanantateraka fivorina niaraka tamin'ireo tompon'andraikitry ny TIM tao amin'ny Boriboritany faha-6 ny depiote Todisoa Andriamampianina. Lahadinika tamin'izany ny andraikitry ny tsirairay amin'ny fanentanana ny olompirenena hisoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana.**









**Nizara vary sy menaka ho an'ny mponina tao Imerimandroso Ambohidrapeto Antananarivo Atsimondrano, ny COM-TIM ao Ambohidrapeto notarihan'ny biraon'ny COM-TIM, sy ny ben'ny tanàna TIM Mihary Andriatsilavo.**










## NY TENY FIAINANA

*"Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo."*
***Apokalypsy 20:14***

### Basket Ball 3x3 Malagasy, lasa any Israel

# Nahazo fanampiana tamin'ny vondrona "Groupe Perfect"

Nanainga tamin'ny talata 02 mey 2023 teo nihazo an'i Eliat Israely, ny delegasiona Malagasy misy an'ireo mpilalao ANKOAY 3x3 vehivavy, hiatrika ny "FIBA 3x3 WORLD CUP QUALIFIER WOMEN 2023", izay hatao amin'ny 06 sy 07 mey 2023 ho avy izao, any amin'ity toerana ity. Afaka andro vitsivitsy kosa no hanainga ho any Vienne Autriche ny Delegasiona ANKOAY Lehilahy, hiatrika ny "MONDIAL FIBA 3x3 MEN 2023". Tamin'ny alatsinainy 01 mey 2023 lasa teo teny amin'ny foiben-toeran'ny vondron'orinasa "Groupe Perfect" ( Perfect Communication, Perfect Misionary, Société Lavorary) teny Ambatoroka, notoloran'ity vondron'orinasa ity tamin'ny alalan-dRamatoa Ranaivojaona Sylvia Filoha Tale Jeneraliny, sady mpanorina azy fanampiana ara-panamiana (Polo, Swet-shirt, kaskety), sy ara-bola mitentina 1000 € ho vatsin-dalana avy, ireo mpilalao basikety Ankoay 3x3 lahy sy vavy ireo, niaraka tamin'ireo mpanazatra azy ireo avy, sy ireo filohana delegasiona hiara-dia aminy ihany koa. Ramatoa Randriana Mihary no Lehiben'ny Delegasiona nandeha any Israely ity, Razakanirina Prisca no Mpanazatra, Andrimahajanirina Sydonie Marie Erica no Kapitenin'ireo Mpilalao, izay ahitana an'i Jaofera Minoharisoa Christiane sy Raherimanana Rondro Emerachine ary Hantanirina Harisoa Muriel ihany koa.



*Fanolorana fanampiana ny Ankoay 3x3 lahy sy vavy teny Ambatoroka.*

**Rainilita**

### Basket N1 A lehilahy « Conférence Ouest »

# Nanomboka any Mahajanga omaly alarobia

Nanomboka omaly alarobia 3 mey, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 7 mey 2023 ho avy izao, ao amin'ny "Complexe sportif Ampisikina Mahajanga", ny fifaninanana basikety « Championnat national N1A Hommes 2023 Conférence Ouest », izay karakarain'ny ligy "Ligue Régionale de Basketball Boeny" miaraka amin'ny FMBB : "Fédération Malagasy de Basket Ball" ary tohanan'ny Telma Madagascar sy ny M-Vola ary ny Youzou Madagascar. Ny fivoriana "Réunion technique" no nanombohana an'izany omaly tao amin'io toerana io.

**Rainilita**

***Basket N1 A lehilahy Malagasy.***




### Championnat du monde de Judo Qatar 2023

# Ny filohan'ny UAJ no nanolotra tapakila hoan'i Laura sy Haingo


*Fanolorana tapakila hoan'ireo Judokas Malagasy.*

Mpikatroka Judo vehivavy miisa 2, Rasoanaivo Laura sy Ramiandrasoa Haingo, no hisolotena an'i Madagasikara amin'ny fifaninana judo « Championnat du monde de Judo Qatar 2023 », ho tontosaina any Qatar mazava loatra amin'ny 7 ka hatramin'ny 14 mey 2023 ho avy izao. Fantatra fa ny filohan'ny UAJ "Union Africaine de Judo", Andriamatoa Randrianasoloniaiko Siteny, no nanolotra tapakila hihazoan'izy ireo an'i Qatar. Ny filohan'ny FMJ "Federation Malagasy de Judo" am-perinasa, Saïd Bruno Éric, izay sady hisolo tena an'i Madagasikara amin'ny kongresin'ny IJF hatao amin'io fifaninanana io, no ho filohan'ny delegasiona hitarika azy ireo ho any Qatar, hotronin'ny mpanazatra, Randriamasinoro Bebe. Marihana fa ireo Judokas tena sangany manerana an'izao tontolo izao, no afaka mandray anjara amin'ity fifaninanana ity, satria voafetra fa ireo 16 voalohany erantany amin'ny sokajy zandriny ary ireo 100 voalohany eran-tany amin'ny sokajy zokiolona, no afaka miatrika an'izany.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Ravimbomanga sy angivy ary henomby,** rony indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoralin'ny aretin'ny voa



Fanafody natoralin'ny aretin'ny voa indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

***Ny antony mety mahatonga azy:***
Mety ho avy amin'ny fisotroana alikaola na zava-pisotro misy gaz tafahoatra; ny sakafo be menaka avy amin'ny biby tafahoatra sy be produits chimiques; ny fihinanana fanafody simika (comprimes/antibiotiques); amin'ny maha diabetika ilay olona; ny tsy fisotroana rano ampy tsara; ny tsy fahampiana torimaso; ny fiandrasana ho poritra loatra vao mipipy na mamany; ny fanaovana firaisana ara-nofo tafahoatra; sns...

***Calcul renal na vato miforona anatin'ny voa:***
Antony :
Noho ny fihinanana sakafo na fanafody simika , be calcium tafahoatra; ny sakafo be menaka avy amin'ny biby tafahoatra; ary ny fisotroana tafahoatra ny "eau mineral" sasantsasany; sns...

***Ny fambara fa marary voa ny olona iray:***
Manindrona ny takiba; marary matetika ny valahana sy lamosina; miloko mavo ny pipy sady mamofona sy mandroatra(manompy mena raha efa gravy); marary an-doha matetika; rera-dava; mangana na mivalo-mainty ny hoditra; mivonto ny tampin-tongotra; sahirana rehefa mipipy; na mitohana mihitsy; miha-mahia; manao impuissance sexuel ; sns...

***Ny fisorohana azo atao***
Dieny mbola tsy marary, dia mahereza misotro rano mamay izay zaka 1,5 litatra isan'andro farafahakeliny; fadio na ahenao ny sakafo be menaka loatra; alikaola; misy gaz sy taharo simika; ary ny mamy loatra; tsara raha miala amin'ny fanafody simika; lanjalanjaina ny fisotroana kafe na ialana mihitsy; miezaha ho ampy torimaso sy ho milamin-tsaina; aza miandry poritra loatra vao mipipy na mamany...

***Zavatra hatao :***
Manaova jus/dite detox: persil sy citron na voasarimakirana matetika.

***Jus atao hafa mba hanadiovana ny voa:***
-Pastèque.
-Concombre.
-kotomila (coriandre).
-Karaoty.

***Fomba fikarakarana azy:***
Mixer- na miaraka ireo : tsy asiana rano , tsy asiana siramamy, tsy asiana tantely . Misotro iray vera dia afaka tapa-bolana indray manao fangaro .

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambodimangavalo distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Ambodimangavalo distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodimangavalo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 10 mandrafitra ny distrikan'i Vavatenina. Any atsimo andrefan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 549 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny lavanila, ny voankazo toy ny letchi, ny manga. Vokatra any koa ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga.





ZAVA-MAHADOMELINA MAHERY VAIKA

# Loza mihàtra amin'ny tanora any Antsirabe koa ny rôrô

Tanora efa-dahy eo anelanelan'ny 22 ka hatramin'ny 27 taona, mpivarotra, mpanindrona no sady mpidoroka ilay zavamahadomelina maherivaika "roro" , no saron'ny polisy eto Antsirabe, niaraka tamin'io zava-mahadomelina io milanja 2g, sy ireo fitaovana fikarakarana sy fanindronana ny alahady 30 aprily lasa teo, ka natolotra ny fampanoavana omaly alarobia 3 mey.



Taorian'ny fanentanana nataon'ny mpitandro filaminana mahakasika ity zavamahadomelina, izay mitady hahazo vahana eto Antsirabe ity dia nisy ny olona tsara sitrapo nampandre ny polisy mom- ba ireo tanora ireo. Nidina ifotony avy hatrany iretsy farany, ka teo ampanomanana ilay zava-mahadomelina saika hitsindro- nana mihitsy ireo roa lahy, no sarona tao amina tokantrano iray ao Ampatana Antsirabe. Mbola teo am-panaovana fanadihadiana azy ireo anefa ny mpitandro filaminana dia naharay antso avy aminà tanora iray hafa, izay milaza ho tsy salama ka mila "daozy" ny iray tamin'izy ireo. Nisy avy hatrany ny vela-pandrika, ka tanora roa hafa indray no sarona tamin'io. Mbola nanoro namana hafa ihany koa izy ireo, saingy noho ny tsy fisiana porofo mazava hitanana azy dia voatery navotsotra iretsy farany.

**Afarana avy any Antananarivo**

Araka ny fanadihadiana natao tamin'ireo roa lahy mpivarotra ity zava-mahadomelina ity dia any an- Antananarivo, no voalaza ho mpamatsy azy ireo. Vidiany 125 000 Ar ny 1g, izay tsinjaraina ho 25 daozy ka amidiny 7000 Ar amin'ireo mpanjifa izany. Raha ny fantatra anefa dia mila daozy 2 isan'andro ny olona miakin-doha amin'ity zava-mahadomelina ity. Vola 14 000 Ar izany no tsy maintsy ananan'ireo tanora tafaroboka amin'io zavamahadomelina io, ka manery azy ireo hangalatra indraindray.

Hatreto aloha dia mbola ny mpivarotra mpaninjara sy ireo mpidoroka ity zava-mahadomelina ity ihany no sarona, fa mbola mila ezaka goavana ny fikarohana ireo tena atidoha mikotrika sy mpanafatra na mpamatsy ity "roro" ity, izay tena efa loza mihàtra ho an'ny tanora eto amintsika.

*Angola Ny Avo*

Tranga

# Mirongatra ny tsy fandriampahalemana any Antsirabe II

Mirongatra tanteraka ny tsy fandriampahalemana ao anatin'ny distrikan'AntsirabeII faritra Vakinankaratra, na dia efa manao izay ho afany aza ny mpitandro filaminana.



Ankoatra ny halabotry sy ny vaky vala dia sesilany ihany koa ny fanafihana mitam-piadiana tato ho ato, toy izay niseho tao Andranomanelatra ny alin' ny sabotsy hifoha ny alahady lasa teo. Tokantranonà mpandraharaha no lasibatra tamin'io, ka raha araka ny fitantaran'ireo mpiasa niandry trano tao dia jiolahy maromaro no nanao ankeriny niditra tao an-trano. Avy hatrany dia nanambana basy sy nitaky vola ary nanangona ny findain'ireo efa-dahy niambina io trano notafihana io ireo jiolahy, ka lasa tamin'izany ny vola 10 tapitrisa ariary sy ny finday miisa valo.

Nialoha an'io dia mpivarotra iray tao Alarobia Andrakodavaka, kaominina ambanivohitra Ambano ihany koa no lasibatr'ireo jiolahy mitam-piadiana. Teo am-panidiana tsena ireo mpivarotra no noararaotin'ireo jiolahy nidirana. Avy hatrany dia nanambana basy ny reinim-pianakaviana izy ireo. Avy hatrany dia namoaka vola ilay raim-pianakavina mpivarotra, ka raha vao azony ilay vola manodidina ny 1 tapitrisa dia nivoaka izy ireo. Nisy olona tonga tampoka anefa tao amin' ilay tsena, ka raikitra teo ny fifandonana. Nirifatra nitsoka ireo olon-dratsy, ka latsaka tao amin'ilay trano fivarotana ny tranom-balan'ilay basy sy ny bala tao anatiny. Raikitra ny fanarahan-dia ka roa lahy sarona nandritra izany, no efa midoboka amponja vonjimaika.

Mbola mitohy ny fikarohana ny mety ho tompon'ilay basy nampiasain' izy ireo sy ireo namany hafa.

*Angola Ny Avo*

Tranga

# Nosamborina fa nanao akanjo miaramila i Ayo Naej

Nosamborin'ny mpitandro filaminana teny Itaosy Antananarivo Atsimondrano afak'omaly ny mpanakanto Ayo Naej, nanao akanjo miaramila izy nandritra ny hetsika nataony nizara fanampiana teny amin'ny 67Ha ary namoaka izany ho hitan'ny maro tamin'ny tambazotran-tserasera. Noho izay antony izay no nisamborana azy, satria voararan'ny lalàna ny fanaovana akanjo, na fanamiana mitovy ny an'ny mpitandro filaminana.



*I Ayo Naej, nitafy akanjo mitovy loko amin'ny an'ny mpitandro filaminana.*

Voararan'ny lalàna manankery ary sazian'ny andinin- dalàna faha-259 ao amin'ny fehezan- dalàna famaizana, ny fanaovana fitafiana mitovy loko amin' ny an'ny mpitandro filaminana eto amintsika.

Niteraka resabe tao amin' ny tambazotran-tserasera FB hatramin'ny afak'omaly ny sary navoakan'i Ayo Naej, izay nanamafisany fa tsy an'ny mpitandro filaminana, fa an'ny leziônera frantsay ilay fanamiana nanaovany. Nandray fepetra avy hatrany anefa ny mpitandro filaminana, ka nikaroka ity lehilahy ity. Vokany, voasambotra teny Itaosy i Ayo Naej, nogiazana ilay fitafiana teny aminy ary natao andrimaso eny amin'ny mpitandro filaminana ny tenany.

Mbola mitohy ny resaka momba ity raharaha ity hatramin'izao: rehefa iza izany dia samborina, dia rehefa iza dia tsy samborina? Tsaroan'ny maro ny mpanakanto Rossy namoaka ny sariny nanao fanamiana mitovy amin'ny an'ny mpitandro filaminana, Ramatoa Rinah Rakotomanga koa fony izy talen'ny fifandraisana tao amin'ny fiadidiana ny Repoblika, efa namoaka sary niakanjo akanjon'ny mpitandro filaminana, nefa vitavita ho azy teny izany. Misy fitondra-mitanila mihitsy eto amintsika, hoy ireo naneho hevitra momba ity raharaha ity.

*Niaina*

Fankalazana ny 3 mey tany Menabe

# Nanava-tena indray ny holafitra na ny OJM

Isan'ny nankalaza ny 3 mey, andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety, ny mpanao gazety tao amin'ny faritra Menabe, izay nokarakarain'ny fikambanan'ny Collectifs des Journalistes . Izay niavaka tsy toy ny isan-taona, fa noentina nivoaka ny renivohitry ny faritra ny hetsika, ka notanterahina tao amin'ny distrikan'i Belo amoron'i Tsiribihina, izay nankalazaina tao anatin'ny 2 andro, ka ny talata faha-2 ny volana Mey, no nanombohana azy tamin'ny alalan'ny fitsidihana ara-pomba fifanajana ny lehiben'ny distrika sy ny ben'ny tanànan'i Belo sur Tsiribihina ary ireo radio misy aty antoerana ny maraina ; ny folakandro kosa dia nisy ny atrik'asa narahina ady hevitra, niarahana tamin' ireo solontenam-panjakana, izay natrehan'ny talem-paritry ny serasera sy kolontsaina mpisolo toerana ato Menabe, sy ireo olobe taty an-toerana. Nandritr'izany koa no nampahafantaran'ny filoha lefitry ny Federation des associations des journalistes de Madagasikara (FAJM), Jean Patrick Rakotomalala, ny fisian'ny Federation. Ny andron'ny 3 mey kosa dia hazakazakin'ny firaisankina, niarahana tamin' ireo solontenam-panjakana, sy ny mpanao gazety ny maraina, taorian'izay dia nisy ny fandaharana manokana izay nivoaboasana ny lohahevitra izay noraisina manokana dia ny hoe:" fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety antoky ny fampandrosoana ny faritra, nampitan'ireo Onjam-peo manerana ny faritra Menabe ankoatran'ny onjam-peo, izay iasan'ny filoha lefitry ny OJM, no tsy nandefa izany fandaharana manokana niraisan'ireo mpanao gazety rehetra ato Menabe izany, satria toy ny tamin'ny taona lasa ihany dia tsy niova amin'ny fanaony ny filoha lefitry ny OJM, satria dia tsy nojereny sady tsy nisy ny fiantsoana ireo mpanao gazety, mba hanomana ny fankalazana ny 3 mey, ka dia nandray ny andraikiny ny mpanao gazety, izay mivondrona ao amin'ny Collectif des journalists de Menabe, nifampiantso tamin'ireo mpanao gazety ary nanapakevitra ny anatanterahana ny hetsika. Gaga anefa ny rehetra raha nahare ny tselam-panentanana tao amin'ny onjam-peo izay iasan'ny filoha lefitry ny holafitra: OJM aty Menabe, fa hisy ny fandaharana manokana izay entina hankalazana ny 3 mey, izay hataony irery hanasany vahiny, izay tsy nisy fanasana mpanao gazety na dia iray aza, ankoatran'ireo mpanao gazety iray orin'asan-tserasera aminy. Tsy nisy tonga anefa ireo solontenam-panjakana izay nolazainy tao anaty tselam-panentanana, fa hasaina ho avy . Arak'izany dia simbain'ny filoha lefitry ny OJM tanteraka, ny firaisankinan'ny mpanao gazety ato Menabe, sy ny tontolon'ny asa fanaovan-gaety, satria dia efa maro ireo mitaraina amin'ny famoahana vaovao tsy voamarina ataony, saingy mbola milefitra sy manaja azy ny rehetra noho ny lehiben'ny orinasan-tserasera izay iasany dia milefitra ny maro. Miantso an-dramatoa filohan'ny OJM handray ny andraikiny, manoloana izao fihetsika fanaovana tsinontsinona ny 3 mey izao ny mpanao gazety ato Menabe, satria andro lehibe ho an'ny mpanao gazety ny 3 mey, nefa dia ireo tokony hitarika sy hiady amin'ny fametrahana ny hasin'ny asa fanaovan-gazety indray, no manao tsinontsinona ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety, ka na dia fiarahabana ireo mpanao gazety izay nifidy azy sy tarihany amin'ny maha filoha lefitry ny OJM azy aza tsy nisy.

*Rajepa*



*Ireo mpanao gazety niaraka tamin'ny Ben'ny tanànan'i Belo Tsiribihina.*

Rugby "Ladies Makis 7s" sy ny "Makis U20" lehilahy

# Niaraka tafaverina an-tanindrazana

Niaraka tafaverina an-tanindrazana, ka nigadona teny amin'ny seranam-piaramadina iraisam-pirenena teny Ivato tamin'ny talata 02 mey 2023 teo, ny mpilalao rugy Malagasy "Ladies Makis 7s" sy "Makis U20" lehilahy, izay avy niatrika ny "World Rugby Sevens Challenger Series" tany Stellenbosch Afrika Atsimo sy ny "Barthes trophy U20" n-atao tany Kenya. Tsiahivina fa ny ekipa vehiva- vin'i Arika Atsimo no nandrombaka ny amboara teo amin'ny fifaninanana "World Rugby Sevens Challenger Series" ary teo amin'ny fifaninanana "Bar- thès Trophy U 20" kosa dia mbola voatazon'i Zimbabwe U 20 ny anaram- boninahitra eo am-pelata- nany, fa lavon'izy ireo tamin'ny isa mazava 28 noho 7 ny ekipam-pirenena Rugby U20 Kenyana teo amin'ny lalao famaranana ary dia nahazo tapakila hiatrika ny "Mondial" amin' io sokajy io ry zareo.

*Rainilita*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**29/04/2023 hatramin'ny 06/05/2023**

- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81 / 020 22 350 80
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41 / 034 11 264 41 / 034 11 264 42 / 034 11 264 50
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21 / 033 74 154 87 / 032 26 859 84
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03 / 034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37 / 033 11 650 36 / 034 98 379 12

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1431-05-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

USAID AMERIKANA

## Hanavotra ain'olona an-tapitrisany ny vaksiny sy fitaovana ara-pahasalamana nomeny

Manavotra ain'ny Malagasy an-tapitrisany maro i Etazonia, amin'ny alalan'ny fanampiana ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, amin'ny fanatsa- rana ny paikadiny amin'ny fanaovam-baksiny sy ny fampitomboana ny vaksiny ho an'ny ankizy.



*Ny tale jeneralin'ny USAID eto Madagasikara.*

Nanolotra entana mitentina 1 tapitrisa dolara amerikana ho an'ny Minis-teran'ny Fahasalamam-bahoaka, tao amin'ny Biraom-pahasalaman'ny Faritra Atsinanana, ny Tale Jeneralin'ny Sampandraharaha amerikana misahana ny fampandrosoana (USAID), Anne N. Williams. Ny fanomezana dia hanatsara ny fahombiazan'ny rojo famatsiana fitaovam-pahasalamana ary hahafahan'ny olona any amin'ny faritra lavitra hisitraka vaksiny.

"Ity fampitaovana ity dia hanampy amin'ny fanatsarana ny fitahirizana sy ny fizarana ny vaksiny rehetra indrindra ho an'ireo mponina marefo indrindra eto Madagasikara ary manampy ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka hanatratra ny tanjony amin'ny fampitsaharana ny firongatry ny valanaretina toy ny kitrotro, lefakozatra ary ny COVID-19 mandritra ny fotoana maharitra, ka hiantoka ny fahasalaman'ny mponina rehetra", hoy Ramatoa Williams nandritra ny lanonana.

Ny fitaovan'ny rojo mangatsiaka toy ny "groupes éléctrogènes", "convertisseurs", vata fampangatsiahana mandeha amin' ny rianaratra sy masoandro, fanafody ary fitaovana fiarovana dia hana- tsara ny fitahirizana, ny fitaterana ary ny fandefasana vaksiny avo lenta, ary koa hampitombo ny fitiliana haingana ny COVID-19. Olona 2,5 tapitrisa mahery no hahazo tombony amin'ireo fitaovana ireo, anisan' izany ny vehivavy bevohoka sy ny zaza latsaky ny dimy taona, any amin'ny faritra valo amin 'ireo 23 eto Madagasikara.

Amin'ny alalan'ireo fanomezana ireo, i Etazonia dia manampy an'i Madagasikara hanangana rafitra ara-pahasalamana mahatohitra kokoa ny fipariahan'ny valanaretina, ao anatin'izany ny fihanaky ny COVID-19, ny kitrotro ary ny lefakozatra, ary ny fampidirana tanteraka ny vaksiny COVID-19 amin'ny fandaharanasan'ny rafi-pahasalamana eto Madagasikara.

Ny USAID dia miara-miasa amin'ny Population Services International (PSI), amin'ny alalan'ny tetikasa Improving Market Partnerships and Access to Commodities Together (IMPACT) hanome izany fanampiana izany. Miara-miasa amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka ny tetikasa IMPACT ary manohana ny famatsiana ara-pahasalamana sy ny fisorohana ny tazomoka. Ny IMPACT koa dia manampy ny fandaharanasan'ny Minisitera, momba ny ady amin' ny COVID-19 sy ny fanamafisana ny fanaovambaksiny amin'ny alàlan'ny fandrindrana, fanaraha-maso, fanombanana, fifandraisana ary fampitao- vana.

Miara-miombon'antoka amin'i Madagasikara tahaka ny 'mpirahalahy mianala' i Etazonia, mba hanampy amin'ny fanatsarana ny fahasalaman' ny vahoaka malagasy. Amin'ny alàlan'ny USAID, ny governemanta amerikana dia mijanona ho mpamatsy vola lehibe indrindra ho an'ny sehatry ny fahasalamana eto Madagasikara.

***Aly***

Governemanta Amerikana sy ny Pact

## Mametraka fitrandrahana eladrano lavitry ny fampiasana ankizy

Mampiasa zaza manodidina ny 10.000 amin'ny toeram-pitrandrahana mety hampidi-doza, ireo fitrandrahana eladrano na mica tsy ara-dalàna eto Madagasikara. Ireo zazalahy matetika dia misitrika any anaty lavaka maka ireo eladrano na mica ary mety ho maty sempotra noho ny tsy fahampian'ny rivotra. Ireo zazavavy indray dia mitatitra ireo eladrano ety ambony ary matetika dia iharan'ny fanararaotana ara-nofo ataon'ireo mpanangona eladrano. Betsaka ireo zaza no lasibatry ny aretin'ny taovam-pisefoana noho ny vovoka eladrano.

Ny tetikasa Madagascar Shines, izay fifanaraham-piaraha-miasa mitentina 4.500.000 dolara ary tohanan'ny Departemantam-panjakana Amerikana misahana ny asa na DOL, sy fikambanana iraisam-pirenena tsy miankiana PACT dia miady amin'ny fampiasana zaza any amin'ireo toerana mitrandraka eladrano any amin'ny faritra Anosy any atsimon'i Madagasikara. Handeha ho any Taolagnaro ny solontenan'ny DOL Natalie Kosloff, ny 9 sy 10 May izao ary hihaona amin'ireo mpisehatra ifotony, hamolavola drafitra fanaraha-maso sy fanaovana tombana ny tetikasa.

Lohalaharana amin'ny fanondranana eladrano i Madagasikara, ka ny 87 % ny vokatra vokariny dia alefa any Sina ary ampiasain'ireo orinasal sinoa, hamokarana kojakoja mandeha amin'ny rianaratra sy kojakojam-piarakodia izay amidy maneran-tany.

Miaina anaty fahantrana lalina ireo mpamokatra eladrano eto Madagasikara ary manampy trotraka izany, ireo tsindry ara-toekarena nateraky ny valan'aretina Covid-19, sy ny haintany lavareny izay nampitotongana ny vidin'ny eladrano sy ny vola miditra amin'ireo fianakaviana, nampihena ny vokatry ny fambolena ary nampiakatra ny vidin'ny sakafo sy nampitombo ny tsy fandriampahalemana. Vokatr'izany dia maro ireo fianakaviana voatery mandefa ireo zaza ao aminy, hiasa amin'ireo toeram-pitrandrahana eladrano hitady vola hiatrehana ireo filana fototra.


Ny tetikasa Madagascar Shines dia hanampy ny fianakavian'ireo zaza mpitrandraka eladrano amin'ny fampianarana zaza miisa 1.800 sy fanampiana ny asa fiveloman'ny olon-dehibe miisa 2.200. Hanentana ny rehetra amin'ny fitrandrahana eladrano ny tetikasa ary hanamafy ny fahaiza-manaon'ireo mpiasam-panjakana hanatsara ny fampiharana ireo fepetra fiarovana ny zaza sy hametraka fitsipipi-tondratena eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana eladrano.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 431**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0430)


**Mitsivalana**

- Ilaozana
- Mando – OM
- Dimy
- Ror(a) – Anio
- Basy (miv) – Ora
- Nanome
- AA – Lma

**Mitsangana**

- Imerina
- La – Osa
- Andrana
- Ody – BOA
- Zoma
- Leony (miv)
- No – Ia
- Amboara

## TENY MIFANAPAKA N° 431




**Mitsivalana**

**1.** Manao sangisangy **2.** Taranaka mamboly (miv) – Fanafohezana ny minitra **3.** Maneho ny fiangonana **4.** Hazo maro – Ohatra – Ranom-bava **5.** Atao amin'ny fomba mora **6.** Tiany, iriny **7.** Tampisaka – Alon-dranomasina **8.** Marika – Ao amin'ny fery **9.** Karatra matanjaka – Ankizy kely taona – Naoty **10.** Tovano – Volana

**Mitsangana**

**A.** Miahiahy, kanosa **B.** Biby (miv) – Reraka, tsy ampy hery **D.** Nalahatra tsara, tsy mikorontana **E.** Lavitra – Harena (BL) – Zandarimaria **F.** Nanaovanay antsoantso tsy fankatoavana **G.** Mpisolo tena – Voaray, tra-tehaka **H.** Fanontaniana **I.** Mahazo tampoka tsy ampoizina **J.** Nivadika zavatra hafa – Fototongotra **K.** Fanitarana – Zava-maniry masiaka

### Valiny Teny mifanaraka 0430

**Mitsivalana**

**1.** Hasasarana **2.** Ivy – O.I **3.** Tononkalo **4.** Sotro – Piso **5.** Arovy **6.** Reny – (V)al(o) **7.** Alika (miv) – Atao (miv) **8.** Nenina – Tao **9.** Fitiavana (miv) **10.** Aia ? – Divay

**Mitsangana**

**A** Hatsarana **B.** OO – Ekena **D.** Sintoninay **E.** Rova (miv) – Avily (miv) **F.** Sinoa – Ana **G.** Ra – Dia (miv) **H.** Roapolo – Ti **I.** Vilia (miv) – Vita (miv) **J.** Osy – Tafa **K.** AG – Hao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

Ny fihaonana teo amin'ny mpitarika TIM Toliara, sy ireo mpitarika ny antoko any amin'ny faritra Androy tany Ambovombe.












Ireo mpitarika ny Tanora TIM Androy, vonona hampandresy ny Filoha Marc Ravalomanana.





Ny fivorian'ny mpitarika TIM any Analanjirofo, miomana amin'ny fandraisana ny konresim-paritry ny antoko TIM any Fenoarivo Atsinanana amin'ny faran'ity herinandro ity.



